# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7484 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 31 janoary 2023

TAOLAGNARO 4

## FIARAMANIDINA TRA-DOZA AMPANIDINANA, SAIKA NAMOIZANA AINA

MARINA IZANY ! 7

## MIANDRY FANAZAVANA !

HIOVA LOKO I LOLA 2

## HAMOAKA HIRA GADONA MAVESATRA



CHAN 2022 8

# VONONA HANDAVO AN'I SÉNÉGAL NY BAREAN'I MADAGASIKARA



SOLOMBAVAMBAHOAKA TIM 7

## "NOTSINONTSINOAVIN'NY FILOHA NY LFI EFA NOLANIANA"

FANOMANANA FIFIDIANANA 7


## MIANTSO NY TSIRAIRAY HAHASAHY HILAZA NY LESOKA NY MMM

FOKONOLONA ANY TOLIARA 3

## NIDINA AN-DALAMBE NITAKY NY FAMPODIANA TERATANY VAHINY





Hiova loko i Lôla

# Hamoaka hira gadona mavesatra

*"Ny mpikarakara tranainy efa mahatoky anay, fa mila tairina amin'ireo zava-baovao ny hafa mba ho maro ny mpamandrika" hoy i Lôla.*

"*…vokatra hafa mihitsy, vaovao be. Lôla 2023 fety be*". Io no teny hoentin'i Lôla manaitra ireo mpitia mozika ao anatin'ny pejiny, raha nandefa ny andran-tsiran'ny hirany vaovao be izay hivoaka anio izy. Manaitra tokoa satria, manao fanamian'ny mpiangaly mozika mavesatra izy; ary ambonin'izay, tazana mandalo eo koa i Deba, kintan'ny fitendrena mozika rock eto amintsika. Nambarany, fa vaovao amin'ny mpankafy azy ny fiangaliana io gadona io, saingy efa tsy vaovao aminy intsony. "*Ny mozika rock no nanombohana nankafy mozika. Tany amin'ny 16 sy 17 taonako tany aho dia ny mozika rock no namolavola ahy. Hira rock eorôpeana sy amerikana nalaza tany amin' ny taona 70 no fihainoko. Tsy mbola nisy fotoana hoe nitsahatra nihaino mozika rock ho hatramin'izay ka hatramin'izao*", hoy i Lôla. Hivoaka amin'ny fomba ofisialy anio io hira vaovao an'i Lôla io, araka ny toky nomeny tao anatin'ny pejiny. Hiparitaka ao anatin'ny tambajotran-tserasera indrindra ny "youtube" ity vazo efa andrandrain'ny maro ity.

**"Jamba aminao"**

Nambarany, fa mivoy ny gadon-kira rehetra izy, ka tsy tokony hahagaga ny fivoizany ny mozika rock. Amin'ny gadona "slow-rock" mantsy ilay vazo hivoaka anio, izay mitondra ny lohateny hoe "« *Jamba aminao* ». Hirany efa taloha ihany izy io, saingy nampiakanjoana gadona hafa ihany. I Deba sy Daddi Rasamimanana no tompomarika tamin'ity vazo vaovao hivoaka anio ity. Rindrantsary azo lazaina fa goavana tokoa satria misy "symphonie" sy antoko mpihira miaraka aminy.

Mikasika ny tomban'ezaka tamin'ny 2022, niezaka niasa hatrany ny tarika nandritra ny taona. Nisy ny marimaritra niraisana ka tsy voatery ho seho goavana no nitetezana faritra fa afaka notohizana tamin'ny "cabaret" ihany. Mikasika ny 2023, efa mihetsika mafy ny tarika ary hiezaka ho eo hatrany. Misy rahateo ny fahavononany hiatrika ny taona, ka porofoiny amin'ny famoahana hira vaovao maromaro ato ho ato.

Fy

AFT-Andavamamba

# Mikarakara fifaninanana mamaky teny ho an'ny ankizy indray

Miverina indray ny fiadiana ny ho tompondakan'ny famakian-teny natokana ho an'ny ankizy izay karakarain'ny AFT Andavamamba. Efa tafiditra ao anatin'ny andiany fahadimy izany amin'izao. Raha tsiahivina dia ankizy manomboka eo amin'ny 9 taona noho miakatra no afaka mandray anjara amin'izany. Zarazaraina sokajy maromaro avy isaky ny taona izy ireo ao anatin' izany. Toy ny efa fanao, dia hisafidy lahatsoratra telo avy ny mpandray anjara tsirairay avy ; ho vakiany mandritra ny dingana telo izay ho lalovany izany raha toa ka tafakatra hatrany amin'ny famaranana izy. Ny fomba famakiana teny mihitsy no ho tsarain' ireo mpitsara ao anatin' izany. Nanomboka ny 25 janoary teo moa ny fisoratana anarana amin'ity fifaninanana ity ary hifarana ny 22 febroary izao. Afaka manatona eny amin'ny AFT Andavamamba , maka ny andinindininy momba izany izay te handray anjara. Fampisehoana ny talentan'ny ankizy amin'ny famakianteny mihitsy moa eto no tena tanjona tratrarina ka dia entanina avokoa ny rehetra mba handray anjara amin' izany. Hanomboka ny voalohany volana martsa kosa ny fifanintsanana ary azon'ny rehetra atrehina izany.Toy ny mahazatra ihany koa, dia hisy hatrany ny loka goavana ho azon'izay mandresy amin'izany.


Tanya.R

Amboaran-tononkalo

# Hivoaka eny Tsimbazaza ny boky "Tsy mba zaza"

Hamoaka ny boky mirakitra amboaran-tononkalo mitondra ny lohateny hoe "Tsy mba zaza" ny "Lidera 7 mianadahy" ny alahady 5 febroary izao. Eny tsimbazaza, mandritra ny hetsika fifampiarahabana tratry taona sy fifankafantaran'ireo mpanoratra sy mpankafy karakarain'izy ireo no hanatanterana izany manomboka amin'ny 9 ora maraina. Asa soratr'ireo Poeta miisa 83 mianadahy no tazana ao anatin'ity boky misy pejy 116 ity. Amin'io fotoana io araka izany no ahafahan'ny rehetra manjifa ny boky amin'ny vidina 18 000 Ar ho an'ireo 83 mianadahy, manana soratra ao anatiny ary – 22 000 Ar kosa ho an'ny daholobe. Ny Iraka Rambolamanana « Chevalier de l'Ordre des Arts, des Lettres et de la Culture» no nanao ny teny fanolorana.

Niry R.



Tahaka izao ny endrik'ilay boky.

Airtel Madagasikara - " Quizz M'lay "

# Natolotra ireo mpandresy omaly ny loka

Notanterahana tetsy amin'ny foibe misy ny orinasan-tserasera Airtel Madagasikara etsy Ivandry ny lanonana fanolorana loka ho an'ireo mpandresin'ny « Quizz M'Lay ». Am-bolana maro eo no efa nisian'ity lalao ity, lalao izay natao hialana voly sy fanitaram-pahalalana kanefa ahazoana loka ihany koa ary natao hanomezana fahafaham-po ny mpanjifa. Omaly ary dia olona telo no nandray ny lokany ka ny voalohany tamin'izany dia ny « Moto Scooter » vaovao, ny faharoa dia fatana mandeha amin'ny gazy misy lafaoro lehibe iray izay natolotra ny renim-pianakaviana iray atao hoe : Rasoarimalala Saholy, ary ny loka faha-3 dia lafaoro kely mandeha herinaratra izay norombahandRakotoarisoa. Hafaliana moa ny an'ireto olona telo nahazo loka ireto. Raha ny fanazavan'ilay ramatoa nahazo ny fatana lehibe dia nilaza izy fa sambany vao mba nandray anjara tamin' itony lalao itony. Amin'ny maha lalao sady fialamboly azy dia manokana fotoana mihitsy hilalaovana. « Hanampy ahy eo amin'ny fikarakarana sakafo ho an'ny vady aman-janako ny fahazoana ity fanatana lehibe ity » hoy izy. Fa ankoatra izay, dia nilaza ny talen'ny serasera Anna Ratsimbarison fa mbola mitohy ny lalao « Quizz M'lay » ahazoana fiara « M'lay ». Tahaka ny lalao teo aloha dia tsotra ny fanaovana azy. Mandefa hafatra (sms) any laharana 033 56 000 30 dia maharay fanontaniana avy eo ka iny no valiana amin'ny alalan'ny SMS ihany. Raha mahamarina ilay fanontaniana iray dia mahazo isa 50 ary io isa io no hatambatra ka izay mahazo isa betsaka indrindra no mahazo ilay fiara vaovao. Raha tsy mahamarina kosa ny mpilalao dia mahazo isa 10.



Talen'ny Serasera Anna Ratsimbarison nanolotra ny loka.

Tiaray R

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Variana mitanisa ny kilema sy fahadisoan'ny hafa, hany ka na ny fotoana hijerena sy hanitsiana ny tsy mety tamin'ny ratsy vitanao tsy ho hitanao intsony."

**Ny Vetso (08. 05. 15)**

("Those who spend their time looking for the faults in others, have no time to correct their own.")

Fiarovana ny harem-bakoka

# Hamboarina ireo simba ao amin'ny Fiangonana Tranovato anaty Rova


**Tonga nijery ny zava-misy sy ny fizotry ny asa teny anaty Rova ny MSK omaly niaraka tamin'ireo taranak'Andriana sy ireo tompo-marika amin'ny asa fanamboarana.**

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny hanamboarana hanaovana asa maika ny tilikambon'ny Fiangonana FJKM ao anatin'ny Rova Manjakamiadana izay nilatsahan'ny varatra iray volana lasa izay ka nitarika ny fahasimbany. Hiantohan' ny fanjakana ny asa ka anjaran'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina no nanao ny tolon-kevitra amin'ny maha vakom-pirenena io fiangonana io ka ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no hisahana ny lany rehetra. Efa manomboka ny asa amin'izao fotoana izao « Mila harenina haingana ny fahasimbana mba tsy hitatra ny fahavoazana indrindra amin'ny maha vako-pirenena ny Fiangonana Trano vato, ka 30 andro eo raha haingana indrindra ny asa fanarenana » hoy ny minsitra Lalatiana Rakotondrazafy. Tonga nijery ny zava-misy sy ny fizotry ny asa teny anaty Rova izy omaly niaraka tamin'ireo taranak'Andriana sy ireo tompo marika amin'ny asa fanamboarana. Fa ankoatra izay dia tsikaritra ihany koa fa misy rano ao anaty finagonana noho ny tsy fahampian'ny fikojakojana. Misy fahasimbana ny tafo ka mitsika hatrany ambany izany ary miteraka fahavoazana amin'ireo vato mandrafitra azy. Raha tsy voatsabo haingana ireo dia mety hitarika fahasimbana hafa ka maika ny fanarenana azy. 150 taona nisian'ny Fiangonana Tranovato ao anaty Rova dia mbola tsy nisy mihitsy ny fikarakarana hoy ny minisitra.

Ranavalona faha-II no nampanamboatra ny Fiangonana tranovato ao anaty Rova. Marihina fa Ranavalona faha-II sy ny vadiny, ny Praiministra Rainilaiarivony, dia niaraka natao batisa andro iray, ary rehefa lasa kristiana izy ireo dia nampanao izany fiangonana tranovato izany tao anaty rova. Maro ny mampiavaka ity Fiangonana tranovato ao anaty rovan'Antananarivo ity raha jerena amin'ny arkeolojia. Amin'ireo tendrombohitra 12 masina dia ny rovan'Antananarivo ihany no misy trano fiangonana miorina ao anatin'ny faritry ny Rova.

Tiaray R

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06

Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo

Tél.: 22 697 79 / 22 697 80

Fax. 22 273 51

e-mail:midigazetikom@gmail.com

D.L.I.: 15 912 - 01 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

**Poulet à la normande**

**Zavatra ilaina :** akoho notetehina, olatra 500g, tongolo be 4, crème fraîche 40cl, toaka 10cl, menaka 4 sotro lehibe, sira sy dipoavatra

Voasy ny tongolo dia teteho ary torak'izany koa ny olatra. Hafanao ny menaka dia endaso ao ny akoho. Rehefa mendy dia tsihifo. Arotsahy ao indray ny tongolo be dia endaso dia haroharoy. Rehefa mendy dia arotsahy ao ny olatra dia endaso koa. Alefaso ao avy eo ny akoho dia arotsahy ao ny toaka dia dorana kely. Saromy avy eo dia andrahoy ny akoho. Amin'ny farany vao arotsaho ao ny crème fraîche. Arosoy mafana ka azo hanina miaraka amin'ny ovy nandrahoina na vary.

Toliara

# Nidina an-dalambe mitaky ny fampodiana teratany vahiny ny fokonolona

*Milaza ho mahitahita ilay teratany vahiny ka miseho ho tsy matahotra na iza na iza mihitsy.*

Ny faran'ny herinandro lasa teo, nidina an-dalambe ny fokonolona, ao Toliara, niharan'ny tsindry nataon'ny teratany vahiny iray tompona hotely. *"Be loatra ny zavatra nataon'io teratany vahiny io ary samy nitory azy avokoa ny olona izay niharan' izany. Efa nisy didy nivoaka amin'ny tokony handalovany eny amin'ny ambaratonga maromaro hanaovana fanadihadiana saingy indrisy anefa hatramin'izao mbola miriaria any izy."* hoy ny antsoantson'ireo olona tao Toliara ny sabotsy lasa teo. Raha kely indrindra, telo ny fitoriana mahakasika ity teratany vahiny monina any Mangily ity saingy mbola mitohy hatrany ny herisetra ataony amin'ny olona. Ny faran'ny taona teo, nisy mpanakanto nanao fifanarahana hanafana lanonana tao amin'ny hoteliny saingy nolaviny ny vola ary hatramin' ireo fitaovana nampiasaina aza tsy voaloa vola. Milaza ho mahitahita ilay teratany vahiny ka miseho ho tsy matahotra na iza na iza mihitsy ary manohy hatrany ny tsindry ataony amin'ireo mpiray monina aminy. "Efa indroa nisy didy manery azy hody any amin'ny tany niaviany saingy tafaverina eto Madagasikara hatrany ary sahy mizahozaho fa mahalala olona ambony mihitsy. Manao antso avo amin'ny mpitondra mahefa aty Antananarivo ny fokonolona satria lasa anjakazakan'ny teratany vahiny ny tanana any Mangily Toliara any.

**Nath**

Rivodoza Cheneso

# Niakatra 30 ireo maty, olona 20 mbola karohina

Mavesatra ny takaitra navelan'ny Rivodoza Cheneso. Araka ny tatitra ofisialy navoakan'ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des catastrophes), omaly, dia niakatra 30 ireo olona namoy ny ainy nandritra sy taorian'ny fandalovan'ny rivodoza. Maty lasan'ny rano avokoa ny ankamaroan'izy ireo. Mbola mitohy kosa ny asa fikaroahana ireo olona tsy hita popoka lasan'ny rano. Misy 20 ireo mbola karohina ankehitriny. Olona 90 519 avy amin'ny tokatrano 20 781 tao anatin'ny faritra 17 manerana ny Nosy no traboina. Nalefa amin'ny toerana fandraisana miisa 132 amin'ireo faritra 7 tena voadona mafy ny 36 805 tamin'ireto traboina ireto ary efa nanaovan'ny fanjakana fanampiana maha olona tamin'ny alalan'ny BNGRC, dia ny fanomezana ireo sakafo sy entana ilaina andavanandro. Maro ireo fotodrafitrasa simba. Nahatratra 26 397 ireo trano tondraky ny rano. Nisy trano 1 073 potika tanteraka. Anisan'ireo faritra tena voa mafy Analanjirofo sy Boeny.

**R. Muray**

ACM

# Tsy afaka miasa fa tsy manana filankevim-pitantanana

Tadindomin-doza ny fitaterana an'habakabaka. *"Efa tamin'ny 14 aogositra 2022 no tsy nanana filankevim-pitantanana intsony ny ACM (Aviation Civile de Madagascar). Ny fisian'io rafitra io anefa no hahafahana manatanteraka ny politikam-panjakana eo amin'ity sehatra ity. Tsy misy koa araka izany ny fahafahana mamoaka teraka ny asany eo amin'ny fanaraha-maso ny fanajana ny fitsipika anatiny sy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, sy eo amin'ny fiantohana ny mpandeha, sns. Misy eo amin'ny 3,7 tapitrisa Kilometatra toradroa (Km²) anefa ny haben'ny habakabaka napetraky ny OACI (Organisation de l'Aviation Civile Internationale) eo ambany fanaraha-mason'ny ACM."*, hoy ny Kapiteny Gérard Rabetokotany, tale jeneralin'ny ACM. Anisan'ny andraikitra goavana sahanin' ny ACM ohatra ny fanomezana fankatoavana ho an'ny sehatra iray manontolo toy ny kaompaniam-pitaterana iray miaraka amin'ireo mpiasa ao aminy, dia ny mpanamory sy ireo teknisianina mpikarakara sidina sy fiaramanidina ary ireo mpiasa rehetra. Ny fahazoana io fankatoavana io no hahafahana miantoka fa manana ny fahaiza-manao amin'ny fanatanterahana ny fitaterana an'habakabaka ny kompania iray sy ireo mpiasa ao aminy. Ahiana hanaratsy ny fitaterana an'habakabaka eo amin'ny sehatra iraisampirenena ny fitarazohan'ity olan'ny ACM ity.

**R. Muray**

Minisiteran'ny mponina

# Olona traboina 4 000 nahazo fanampiana maro tany Mampikony

Nijery ifotony ny fahavoazan'ny mponina tany Mampikony, Faritra Sofia ny ekipan'ny Minisiteran'ny mponina araka izay hamonjena tolo-tanana maika azo atao. Olona 4 000 traboina any amin'ny Faritra Sofia nahazo fanampiana maro avy amin'ny Minisiteran'ny mponina. *''Amin'ny alalan'ny Governemanta iray manontolo dia tonga manolotra an'ireto fanampiana misy : vary, menaka, voamaina, sardine, bodofotsy, siny, koveta, vilia izahay. Mitodika amin'ny tomponandraikitra izay nanankinan'ny fitondram-panjakana hikarakara an'ireto mponina havantsika ireto, mba hatao ara-drariny sy am-pamarinana ny fitsinjarana an'ireto fanampiana ireto. Samy Malagasy isika ary tsy fidina ho an'ireto mponina izay iandraiketantsika ireto izao. Hamafisiko hatrany fa eo anilanareo hatrany ny fitondram-panjakana sy ny Minisitera izay iadidiako, mifampatoky isika. Izahay ray aman-dreninareo ary ianareo kosa vahoaka maminay''*, hoy Rtoa Soafilira Princia, Minisitry ny mponina. Isan'ny nisitraka ireo fanampiana ireo ny olona maro traboina napetraka ao amin'ny Epp Ambalavy sy Ambomavelona ary Antsatramanera. Nanotrona ny Minisitra tamin'ity fidinana ifotony ity ny Solombavambahoakan'i Mampikony sy Port Bergé, ny Governoran'ny Faritra Sofia ary ireo manam-pahefana maro. Tamin'izao fandalovan'ny Minisitra Sofilira Princia izao koa dia notolorany lelavola ireo fikambanam-behivavy sy ireo sojabe ao an-toerana. Nanamafy ny Minisitry fa efa misy ny politikam-pandrosoana entin'ny Minisitera tantaniny amin'ny alalan'ny vondrom-pikambanana Viavy miavotse, lehilahy mandray andraikitra sy ny fikambanan'olon-kendry ary ny TAFA (Tanora Andrin'ny Firenena) ka nanentana ireo vahoaka tany an-toerana izy mba hiditra amin'ireo vondrom-pikambanana ireo.

**Heriniaina A.**

Seces Nasionaly

# Mitaky fifidianana madio, mangarahara sy eken'ny rehetra

Taorian'ilay filan-kevitra nasionaly nataon'ny Seces tany Toamasina ny herinandro teo dia namoaka fehinkevitra mikasika ny raharaham-pirenena ihany koa izy ireo. *''Mitaky fifidianana madio, mangarahara, lavitry ny hala-bato sy ny hosoka amin'ny endriny maro samihafa, eken'ny rehetra no sady manaja ny tetiandrom-pifidianana voafaritry ny lalam-panorenana no takian'ny Seces ho tanteraka eo Madagasikara. Koa manainga ny olom-pirenana feno 18 taona rehetra tsy very zo mba samy hisoratra anarana, ho tafiditra any anaty lisi-pifidianana ary handray anjara mavitrika amin'ny fifidianana ho avy eo. Firenena mahaleo tena i Madagasikara koa mila miray fo tanteraka sy miara-mientana isika rehetra eo amin'ny fitakiana ny hamerenan'ireo mpanani-bohitra, tsy misy fepetra ary tsy misy hatak'andro ireo nosy Malagasy (Juan de Nova, Bassas da India, Tromelin, Europa, les Glorieuses) mbola bodoin'ny fahavalompirenena. Tsy mila milefitra amin'ny rariny ananantsika isika Malagasy. Ankoatran' izay dia hentitra ny Seces mitaky tsy misy hatak'andro ny fametraham-pialàn'ireo olom-boatendry sy olom-boafidy tsy sahy mandray andraikitra ho fiarovana ny fananana iombonana. Tsy ekena ny hevitra miroaroa saina ka hanome vahana indray sanatria ny fiaraha-mitanatana'',* hoy ny Pr Randriamialinoro Faliarivony, filoha nasionalin' ny Seces.

**Fahantrana lalina**

Ho tohin'ny fehin-kevitra dia mahatsapa ny sendikàn'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra *fa ''tsy takona afenina eto Madagasikara ny gaboraraka, ny tsimatimanota, ny tany tsy tan-dalàna, ny tsy fandriampahalemana, ny tsindry avy amin'ny mpitondra ambony mpanatanteraka izay mianjady amin'ny andrimpanjakana hafa. Tafahitsoka anaty fahantrana lalina ny firenena very fanahy mbola velona ny vahoaka tsy mandady harona ».* Miantso ny manam-panahy rehetra mba samy hisaina sy hampitoetra ny tombontsoa ambonin'ny firenena izy ireo.

**Heriniaina A.**

Vidin'entana

# Nisondro-bidy ny legioma sy ny hena any amin'ny faritra

Tsy mbola miverina amin'ny laoniny ny vidin'entana ilaina amin'ny fiainana andavanandro taorian'ny fandalovan'ny rivodoza sy ireny ranobe ireny. Niakatra sady nifampitadiavana mantsy ny legioma tany Mahajanga satria tafakatra 6 000Ar ny kilaon'ny ovy. Ireo karazana vokatra tsy misy mamboly any an-toerana mihitsy no tsy laitra vidiana araka ny fitarainan'ny olona. Niampy ilay lalana tapaka tamin'ny herinandro ihany koa vao maika nampikaikaika ny maro. Any Fenoarivo Atsinanana, tafakatra 24000Ar ny iray kg amin'ny hena omby raha 18 000ar ny hena mifangaro. Miezaka mampiasa ireo vokatry ny tany ny olona. Tany amin'ny RN6 kosa, na efa miverina aza ny fifamoivizana dia mbola sasatra foana ireo legioma sy entana fampiasa amin'ny andavanandro. Ny BNGRC anefa efa nametraka fa misy ny sampandraharaha natao hanara-maso ny fiovaovan'ny vidin'entana. Asan'izy ireo ihany koa ny mijery ny fisian'ny entana ilaina amin'ny fiainana andavanandro indrindra any amin'ireo toerana nitondra faisana noho fandalovan'i Cheneso. Hisorohana ny fanararaotan' ny olona sasany sy ireo mpivarotra indrindra indrindra no antom-pisiany. Ho an'ny eto Andrenivohitra kosa, ny vary no anisan'ny mampikaikaika ny maro satria 3 200Ar ny kilao makalioka sy vary gasy eny Mahazo eny.

**Nath**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### COURS

* Cours particulier avec Mr Stacy : Maths, PC. Prof pédagogue. Tél : 034.04.018.21. (G-BA 455/5-2)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, nettoyage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 457/6-1)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, puisard Makiplast, wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 445/15-13)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast. Azo hifanarahana tsara. Tél : 034.36.128.35. (G-BA 452/15-6)

### MITADY ASA

* L. Mitady asa sécurité 27 ans, matotra, madio, tsy mifoaka. Tél : 033.75.351.31 / 034.34.056.20. (G-BA 456/5-3)

Taolagnaro

# Fiaramanidina tra-doza teny am-panidinana

*Nanary menaka teny am-panidinana ny môtera.*

Saika namoizana ain'olona indray ny fitaterana an'habakabaka. Omaly, fiaramanidina kely MXT-7 an'ny kaompania tsy miankina iray, mitondra ny laharana SRMIV, nianga tao Tolagnaro tamin'ny 7 ora sy sasany maraina, no trapahavoazana teny am-panidinana. Rehefa nanidina ary tafala 68 Kilometatra (Km) an'i Tolagnaro dia tsikaritr' ireo mpanamory roa lahy nitondra azy fa nisy fambara fahaverezana menaka ny môtera. Avy hatrany dia nandray fanapahan-kevitra ny hampidina vonjimaika ny fiaramanidina ireto farany, ka



Nisy fahasimbana ilay fiaramanidina, saingy tafapetraka soa aman-tsara tamin'ny tany.

nipetraka tamin'ny toerana malalaka tao "Sainte Luce", akaikin'ny lalam-pirenena RN 12A. Avotra soa amantsara ireo mpanamory roa lahy, izay mpampianatra mpanamory ny iray ary mpianatra manana fahazoan-dalana nahafeno ny fepetra amin'ny fanamoriana ny iray. Tsy nitondra olonkafa izy ireo. Nisy fahasimbana ilay fiaramanidina, saingy maivana ny fahavoazana. Tokony hihazo an'i Vangaindrano ity fiaramanidiana ity vao hihazo an'Antananarivo no izao tra-doza izao. Hanao ny fanadihadiana mikasika ny fototry ny loza ny BEAC (Bureau des Enquêtes des Accidents et d'Incident de l'Aviation Civile). *"Nanana traikefa tamin'ny fampidinana ny fiaramanidina ireo mpanamory roa lahy. Na izany aza naato ny fahazoan-dalana ho an'ireto mpanamory ireto, ary hisy fepetra horaisina amin'ireo tanora mpanamory vao misandratra rehefa vita ny fanadihadiana mba hisorohana ny loza mety hamoizana ain'olona."*, hoy ny Kapiteny Gérard Rabetokotany, tale jeneralin'ny ACM (Aviation Civile de Madagascar)

**R. Muray**

Befandriana avaratra

# Vola 2 tapitrisa ariary levona tao anaty trano may

Trano mitafo bozaka iray no nirehitra tany amin'ny tanàna iray ao anatin'ny kaominina ambanivohitra Morafeno any amin'ny distrikan'i Befandriana avaratra afakomaly tokony ho tamin'ny 11 ora sy sasany atoandro ka tsy nisy entana tafavoaka na dia kely aza tao anatin'ilay trano. Fantatra fa lasa lavenona hatramin'ny vola napetraka tao amin'ilay trano izay mitentina roa tapitrisa ariary sy vary fotsy roa gony ihany koa. Tsy fantatra mazava izay antony nahatonga ny firehetana fa ny afo efa nijoalajoala no hitan'ny olona izay niasa teo akaikin'ity trano ity. Io no nampandre ny tompon-trano avy eo. Ny fanazavana mantsy no nahalalana fa tsy nisy olona tao an-trano nandritra ny fotoana nisehoan'ny loza satria nandeha niasa tany antanimbary ny tompon-trano. Rehefa nahafantatra ny zava- niseho izy ireo dia nandeha nankany an-tanàna.

*Nalaky nihanaka ny lelafo ka izao tsy nisy noraisina izao intsony ny entana rehetra tao anaty trano.*

Fa rehefa nahafantatra ity zava-nitranga ity ihany koa ny mponina tany an-toerana dia samy nanao izay ho afany tamin'ny famonjena sy famonoana ny afo saingy nalaky nihanaka ny lelafo ka izao tsy nisy noraisina izao intsony ny entana rehetra tao anaty trano. Soa fa tsy nisy ny naratra na namoy aina nandritra ity haintrano ity. Manoloana izao fahavoazana izao dia manao antso avo amin'ny fitondrampanjakana mba hijerena akaiky azy ireo olona traboina noho ity loza ity.

**T.H**

Mahanoro

# Ny fasan-drazany ihany no novakian'izy roa lahy

Nisehoana vaky fasana tany amin'ny distrikan'i Mahanoro ny talata lasa teo. Taolandava 63 isa no very tamin' izany ka taolam-pe ny 27 isa ary taolan-dranjo kosa ny 36. Rehefa nandeha ny fanadihadiana sy fikarohana ny olondratsy dia lehilahy efatra no voasambotra tamin'izany ka fantatra fa zafin'ny tompompasana ihany ny roa tamin'izy efa-dahy ireto ary mpitady mpividy kosa ny roa lahy hafa. Araka ny fanazavana dia vao sambany izy roa lahy ireto no namaky fasana ary ny fasan'izy ireo ihany no novakiany natao andrana. Mbola tsy nahita olona hividy an'ireo taolam-paty ireo ry zalahy. Ny fanazavana hatrany no nahafantarana fa ny fahenoin'izy ireo fa volabe no azo amin'ny fivarotana taolam-paty no antony namakian'izy ireo io fasany io. Taorian'ny famototorana teny anivon'ny mpitandro filaminana dia efa natolotra ny fampanoavana tany Vatomandry ny raharaha.

**T.H**

Behintsy-By pass

# Enin-dahy namaky trano voalaza fa nandroba 50 trapitrisa ariary

Tranon'ny mpandraharaha iray no voalaza fa niharan'ny fanafihan-jiolahy mitampiadiana tetsy Behintsy (By pass) kaominina Ambohimangakely, omaly tokony tamin'ny 1 ora maraina teo ho eo. Raha ny fanazavan'ny lasibatra dia voadaroka sy noratrain'ireo jiolahy tamin'ny antsy ny tenany ary nisy mpiambina ihany koa tao fa nofatorana tongotra aman-tanana ka tsy afaka nikofoka. Voaroba nandritra izany ny 50 tapitrisa ariary, finday maromaro, solosaina entin-tanana …sns. Ny loharanom-baovao ihany no nahalalana fa niditra ankeriny avy eo amin'ny varavarakely ireo jiolahy ireo. Enindahy ry zalahy, ka ny telo nitondra basy poleta izay tafiditra mivantana tao an-trano ary ny ambiny teny ivelany, hoy ny fanazavana. Mpandraharaha avy ao amin'ny « champion société » ilay niharan'ny asa ratsy ity. Manao asa fivelomana marolafy izy, toy ny fanafarana entana sy ny varotra. « *Nisarotava ireo jiolahy ireo. Ny roa somary lava ary ny anankiray fohy (araka ny fitadidiako). Nandrahona ahy tamin'ny basy izy ireo sady nanambana antsy teo amin'ny tendako. Raha vao mihetsika mahery ianao dia ny ainao no manefa hoy ireto olon-dratsy ireo. Taitra tampoka aho nahita ilay antsy teo amin'ny tendako ka nanohatra sy niantso vonjeo ary io no nahatonga an'ity tanako ity naratra. Ny fahalalako azy dia efa nomanina ilay fanafihana. Izaho koa efa niharan'ny lozam-pifamoivoizana tamin' ny herinandro lasa teo. Rehefa niseho ity tranga ity dia miahiahy aho satria nisy olona nifamaly tamiko. Hatreto aloha tsy fantatro hoe olona manodidina ahy ihany ve no nahavanona izao sa olona hafa* » ; hoy ilay vehivavy mpandraharaha rehefa nanontanian'ny mpanao gazety ny zavatra nahazo azy teny an-tranony, omaly maraina.

**Fokontany**

Hatreto dia efa eo am-pelatanan'ny mpitandro ny filaminana ny raharaha. Ny zandary avy ao amin'ny brigady Ambohimangakely no mandray an-tanana ny famotorana. Raha ny nambaran'ny zandary dia ora vitsy talohan'io asa ratsy io izy ireo no nanao fisafoana teny an-toerana. Niezaka nanontany ny lehiben'ny fokontany ihany koa izahay. Tamin'izany no nilazan'izy ireo fa tokony tamin'ny 1 ora maraina no nahazo antso mikasika ity tranga ity ny filoham-pokontany. Marihina hoy izy fa misy mpiambina matihanina avy amin'ny orinasa « HAP » tao amin'ilay tokantrano. Ireto farany no nampandre anay, hoy ihany koa ny fanazavan » ny filoham-pokontany. Marihana fa nisy « caméra de surveillance » am-polony ao amin'ity toerana niharan'ny fanafihana ity saingy voalaza fatsy nandeha ireo « camera ». Tsiahivina fa vao tsy ela ilay mpandraharaha no nilaza fa niharan-doza teny amin'ny Rocade ka very ny volabe antapitrisany.

**Ariel D.**

Ambohijatovo

# Nitsoaka ireo jiolahy, tavela teo ireo seza plastika 20 halatra

Seza plastika miisa 20 no hita navelan'ny mpangalatra teny Mandrosoa Ambohijatovo ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 3 ora sy sasany maraina fa ry zalahy kosa nanao tari-dositra nitsoaka. Nandritra ny fisafoana nataon'ny polisy no nahatsikaritra olona roa nitondra zavatra lavalava izy ireo. Vao nahatazana ny polisy avy lavitra ry zalahy dia napetrany ireo zavatra nentiny toy ny seza miisa 20, akoho amam-borona 2 ary tuyau plastique mihorongorona, fa lasa nitsoaka izy ireo. Nentina tany amin'ny biraon'ny polisy avy hatrany ireo entana ireo ary nitety sy nampandre ny fokontany tao anatin'ny faritra iadidiany ny polisy avy ao amin'ny kaomisarian'ny boriborintany voalohany eny Analakely. Fantatra tamin'izany fa tao amin'ny centre iray teny Faravohitra ireo seza 20 isa ireo izay very ny alakamisy 26 janoary hariva teo anelanelan'ny tamin'ny 5 ora ka hatramin'ny 6 ora. Ireo seza ireo izay mipetraka eo ivelan'ny espace fipetrahan'ny olona rehefa miala sasatra. Ny marainan'io raha nandamina ilay toerana ireo mpiasa vao nahatsikaritra fa tsy teo amin'ny toerana intsony ireo seza eo amin'ny fipetrapetrahana ireo. Nampandrenesina ny polisy teny Antaninandro taorian'izay ka rehefa nandeha ny fampitam-baovao teo amin'ny tomponandraikitry ny polisy avy ao amin'ny kaomisarian'ny boriborintany voalohany sy fahatelo dia izao hita izao ireo seza ary efa naverina any amin'ny tompony.

**T.H**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Fanontaniana*




## Hatsikana an-tsary

*Mamaly faty*




## Masoandro Miposaka

**Apokalypsy 22 : 5**

Ary tsy hisy alina intsony; ary tsy mba mila fahazavan'ny jiro na fahazavan'ny masoandro izy; fa ny Tompo Andriamanitra no hanazava azy; ary hanjaka mandrakizay mandrakizay izy.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Avelao hitaha hahitana ny lesoka; avelao hamindra hahitana ny tsivaka.**

Qu'ils se mettent l'un à côté de l'autre pour qu'on voie lequel a le nez camus; qu'ils marchent pour qu'on voie lequel a les pieds en dehors.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2869

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 3 | | 9 | | | | | |
| 7 | 6 | | | | 3 | 4 | | |
| 4 | | | | 2 | 1 | | | |
| 5 | | | | | | | 3 | |
| 1 | 2 | 3 | | | 8 | 7 | | |
| 8 | | | | | 4 | | | |
| | 5 | | 6 | | | 1 | | 7 |
| | | | 1 | | | 3 | 4 | 6 |
| | | | | | | | 8 | 5 |

Valin'ny laharana 2868

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 9 | 5 | 7 | 4 | 2 | 1 | 6 | 3 |
| 6 | 1 | 4 | 3 | 5 | 9 | 7 | 2 | 8 |
| 2 | 7 | 3 | 6 | 8 | 1 | 9 | 5 | 4 |
| 4 | 2 | 7 | 9 | 3 | 6 | 5 | 8 | 1 |
| 5 | 6 | 9 | 8 | 1 | 7 | 4 | 3 | 2 |
| 3 | 8 | 1 | 5 | 2 | 4 | 6 | 9 | 7 |
| 1 | 3 | 6 | 4 | 9 | 8 | 2 | 7 | 5 |
| 7 | 5 | 2 | 1 | 6 | 3 | 8 | 4 | 9 |
| 9 | 4 | 8 | 2 | 7 | 5 | 3 | 1 | 6 |

Solombavambahoaka TIM

# "Notsinontsinoavin'ny Filoha ny LFI voafidin'ny parlemantera"

*Sokajian'ny depiote mpanohitra ho tsy firaharahina ny voarakitra ao anatin'ny tetibolam-panjakana sy fanamaivanana ny parlemantera nandany izany ilay fampanantenana nataon'ny Filoha tany Vatomandry ny sabotsy teo.*

Tsy hanan-kery indray ve izany ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana 2023 efa nolanian'ny parlemantera sy nankatoavin'ny HCC ? Io no fanontaniana niverimberina taorian'ny fampanantenana nataon'ny Filoham-pirenena tany Vatomandry ny faran'ny herinandro teo. Raha tsiahivina, nilaza ny Filoha fa raha nifantoka tamin'ny fanangana fotodrafitrasa ny fitondrana teo aloha, dia hanao laharampahamehana ny sosialim-bahoaka indray amin'ity taona ity. Nitondra ny heviny mikasika izany ny depiote sady filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM eny Tsimbazaza Fetra Ralambozafimbololona. *« Notsinotsinoavin'ny Filoha indray izahay mpikamban'ny Andrimpanjakana mpanao lalàna. Raha nandaniana volam-bahoaka sy ron-doha tety aminay iny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2023 iny dia tsy ho raharahin'ny mpanatanteraka indray izay voarakitra ao anatin'izany. Hifantoka amin'ny sosialim-bahoaka tsy hita taratra ao anaty tetibolam-panjakana indray hoe ny asan'izy ireo»*, hoy ity olom-boafidy TIM ity tamin' izany.

**Mitsinjo fifidianana**

Manaraka izany, nadikany ho fampielezan-kevitra mialoha ny fotoana ihany koa ireny fampanantenana vaovao nambaran'ny Filohampirenena ireny. « *Atao izay hamafana ao anatin'ny fitadidian'ny Malagasy ireo fampanatantenana fotodrafitrasa fantany fa tsy ho tanteraka. Isan'izany ny teleferika, ny làlana mikodana mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina ary ny tetikasa Tanamasoandro. Tsy nahitana mangirana ny mikasika ireo rehetra ireo ankehitriny ka manova paikady hitsinjovana fifidianana ny eo amin' ny fitondrana. Dia hiazakazaka hizara sakafo sy fanampiana tsy mahavita herinandro hanaovana pi-maso amin' ny mpifidy indray izy ireo* ».

**Mamy R.**

Fanomanana ny fifidianana

# Miantso ny tsirairay hahasahy hilaza ny lesoka ny MMM

Antomotra ny fotoana ! Tsy mitsahatra ny mampaneno lakolosy mahakasika ny fanomanana ny fifidianana ny antoko Malagasy Miara-Miainga (MMM). Eo anatrehan'izany, dia miantso ny tsirairay hahasahy hilaza ny lesoka mety hitranga ao anatin'izany ny Filoha nasionalin'ity antoko ity. « *Manentana ny isam-batan'olona ny antoko Malagasy Miara Miainga mba hanara-maso akaiky ny toe-draharahampirenena indrindra fa ny fanomanana ny fifidianana amin'ity taona ity* », hoy Atoa Hajo Andrianainarivelo.



**Manara-maso akaiky ny raharaham-pirenena ny filohan'ny antoko MMM.**

Raha tsiahivina, hifarana tanteraka anio ny fanisana mpifidy sy ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana izay karakarain'ny CENI. Andrasan'ny rehetra ny vokatr'izany. Amin'ny ankapobeny, ny fisian'ny lisi-pifidianana madio no antoka iray mampangarahara ny fifidianana. Isan'ny zavatra mampanahy ny mpanao politika rehetra izay mihevitra ny handray anjara amin'ny fifidianana ny fomba fiasan'ny CENI ankehitriny, ka mahatonga azy ireo hiantso fahamailoana toy izao. Raha hiverenana ny mikasika ny antoko MMM, dia nanamafy Atoa Hajo Andrianainarivelo fa ho taom-pandresena ho an'ny antoko izay tarihany ny taona 2023. Vanim-potoana moa izao hanombohana ny fambolen-kazo ka toy ny antoko politika rehetra mandray andraikitra, dia nisantatra ny fanatanterahana izany teny Alakamisy Ambohidratrimo ny antoko MMM ny faran'ny herinandro teo. Nambarany fa manana andraikitra amin'ny fikajiana ny tontolo iainana ny antoko ka izany no antony hanatanterahana ny fambolen-kazo isan-taona.

**JUDD**

Holafitry ny Vadintany sy mpanao lavanty

# "Mbola olana eto amintsika ny fanatanterahana ny didim-pitsarana"

Isan'ny singa iray lehibe ao anatin'ny fampandehanana ny asam-pitsarana ny Vadintany sy ny Kaomisera mpanao lavanty. Misedra sakana goavana anefa izy ireo amin'izao fotoana izao. Araka ny fanazavana nentin' ny Filohan'ny Holafitry ny Vadintany sy ny Mpanao lavanty ny Me Rakotonirina Alain, dia mbola olana eto amintsika ny fanatanterahana ny didim-pitsarana. « *Tsy hisy fampandrosoana azo atao amin'ny lafiny rehetra raha toa ka tsy misy ny fanatanterahana ny didim-pitsarana. Lasa voasakantsakana ny asam-pitsarana* », hoy izy teny Vontovorona ny sabotsy lasa teo. Manoloana izany, mangataka ny fitondram-panjakana foibe ny tenany mba hijery akaiky ity toe-javatra ity sy tsy ho voasariky ny zava-misy ao anatin'ny tambajotran-tserasera amin'ny fomba fandraisana fanapahan-kevitra. Notsindriany fa tokony hapetraka ny fifampitokisana eo amin'ny rehetra, ary mila hajaina ny fisarahan'ny fahefana. Ankoatra io, nitondra fanatsarana ny asan'ireo mpikambana ny Holafitra ka nanome finday vaovao 35 ho entina hanamorana ny fampitam-baovao sy ny fifandraisana.

**JUDD**



**Ny Filohan'ny Holafitry ny Vadintany nitondra fanazavana teny Vontovorona.**

## Marina izany !

### Miandry fanazavana !

**Resahina indray tato ho ato ny fitaovam-piadiana mahery vaika miparitaka eto amintsika. Efa nisy ireny basy nanjavona tao amin'ny toby iray eto an-drenivohitra ireny, taona vitsivitsy lasa izay. Ny mahavariana anefa dia tsy nisy tohiny ny fanadihadiana na natao ihany ve fa nafenimpenina? Mialoha ny fifidianana, tamin'ny taona 2018, samy nahatadidy ny mpanara-baovao fa niteraka resabe ny fisian'ny fitaovam-piadiana nampidirina an-tsokosoko teto ary efa nananganana kômisiôna manokana mihitsy tokony nanao ny " enquête parlementaire ". Saingy tsy nisy tohiny ihany koa izany. Vao tsy ela akory izay no niteraka resabe ny fisian'olona mivarotra fitaovam-piadiana eto amintsika izay nampifandrohirohy, teny amin'ny fitsarana ny ahiahiana. Tranga niafara mihitsy tamin'ny fampidirana am-ponja olona roa, voalaza ho nanome sy namoaka vaovao tsy marina. Ankoatra ireo, tamin'ny herinandro lasa teo dia nisy indray ny loharanom-baovao nilaza fa nisy fitaovam-piadiana tao anaty kontenera maromaro hita tany Vohémar. Taorian'ny nivoahan'ny vaovao, tamin'ny gazety mpiseho isan'andro sy teny amin'ny tambazotra sôsialy moa dia nangina indray ny raharaha. Ny fisian'ny fitaovam-piadiana miparitaka, saika manerana ny Nosy ka ampiasain'ny olon-dratsy anefa iarahan'ny rehetra manaiky fa mitera-doza, indrindra mialoha ny fifidianana izay tsy vitsy ny mpandalina ny raharaha pôlitika no efa miahiahy ny mety hisian'ny korontana. Manoloana izany dia antenaina fa manara-maso akaiky io zavamisy io ny fanjakana isan-tokony ka handray andraikitra na dia hampihenana ny tahan'ny firongatry ny tsy fandriampahalemana fotsiny aza ! Raha nahavoa olon-kafa anie mety hahavoa ny tena e !**

Voahangy Rakotozafy

Fanavaozana ny lisitry ny mpifidy

# Tapitra anio ny fitetezana tokantrano

Araka ny fandaharam-potoana voafaritry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana mialoha, dia mifarana anio 31 janoary ny fitetezana ny isantokantrano ataon'ireo mpanisa mpifidy ao anatin'izao fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpidy izao. Raha ny antontanisa avy eny anivon'ity rafitra mpikarakara fifidianana ity, dia 9 189 539 izao ny olom-pirenena voasoratra anaty lisi-pifidianana raha toa ka 13 tapitrisa mahery no kendrena tratrarina. Na izany na tsy izany, raha mbola tsy tonga tany an-trano ireo mpanisa mpifidy dia mbola afaka manantona ny fokontany misy azy ny olom-pirenena tsirairay avy ary misoratra anarana. Mitondra kara-panondro ary takio ny soson'ny takelaka nanoratana ny anarana. Ao anatin'izany rehetra izany, tsara ny manamarika fa raha hitana ny teny nomeny ny fitondram-panjakana dia hiatrika fifidianana isika amin'ity taona 2023 ity. Isan'ireo fepetra ahafahana mifidy sy mandray anjara amin'izany ny fisoratana anarana ao amin'ny lisitry ny mpifidy koa mbola manana fotoana kely hanoratana ny anarana isika koa aza miandry farany.

**Mamy R.**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

CHAN 2022 - Barea de Madagascar

# Vonona handavo tanteraka ny Senegaley



**Efa mahatoky tena amin'ny famonoam-baolina i Jean Yves !**

Ora sisa no handrasana, anio, dia hiatrika ny lalao manasa-dàlana amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny CHAN 2022, any amin'ny kianja Nelson Mandela any Baraki –Algerie (10 ora), ny ekipam-pirenentsika Barea de Madagascar. Raha ny fanehoan-kevitra nataon'ny mpanazatra Rakotondrabe Romuald "Rôrô" sy ny mpilalao dia vonona tanteraka hiaro ny voninahi-pirenena hatrany ireo maherifontsika ireo, homban'ny fitrotroana am-bavaka avy amin'ny mpiray Tanindrazana rehetra, na eto Madagasikara na ireo havana any dilambato, izay tsapa tokoa ny fiaraha-mientana taorian'ny nanilihantsika ny Mambas-n'i Mozambika tamin'ny lalao ampahefa-dàlana. Raha zohina ny endri-dalao nasehon'ny Barea de Madagascar, nanomboka tany amin'ny lalao fifanintsanana isambondrona ka hatramin'ny lalao ampahefa-dàlana, dia tena misy fivoarana tokoa. Hita taratra izany eo amin'ny fahatokisan-tena sy ny fahasahian'ny mpilalao mitazom-baolina, ary ny tsy fanariana an'izany matetika fa efa mahalàna. Ankoatra ny fahaiza-miaraka sy ny talenta hananan'ny tsirairay dia misongadina hatrany koa ny tanjaka hananan'ny mpilalaon'ny Barea de Madagascar, na eo amin'ny tompon-toerana izany na ny mpisolo azy ireny. Koa izay ampidirin'ny mpanazatra dia mahavita ny andraikitra apetraka aminy avokoa, matoa mahatafiditra baolina ry Marcio Carlos. Voafehin'ny mpilalaontsika ihany koa hatramin'izao ny fampiharana ny teti-dalao napetraky ny mpanazatra Rôrô, miainga amin'ny 4 (Avotra "Dafara" / Datsiry / Berajo / Tantely (kap) – 3 (Tsiry / Rojo Be / Rakoul - 3 (Lalaina / Jean Yves / Dax), ary mitana ny toeran'ny mpiandry tsatoby hatrany i Nina, izay nanakana baolina maro tsy nidona tamin'ny haratony. Tsy mipetraka amin'ny toerana tokana ny mpilalaontsika fa afaka mivezivezy tsara, ankoatra ny vodilaharana, izay mahavita miakatra manampy ny lohalaharana amin'ny fotoana heveriny hanaovana an'izany. Nisongadina tamin' ny lalao ampahefa-dàlana ny maha mpilalao feno an'i Dax, irakiraka mpandrindra sy mpanentana, mpanafika sy mpanidy trano. Rariny sy hitsiny raha natolotry ny CAF ho azy ny amboaran'ny "Man Of Match", izay efa azon'i Tsiry sy Rakoul ihany koa. Nisantatra ny famonoambaolina i Jean Yves fa tsy mipetraka ho mpanelingelina amin'ny fanaovana "pivot" fotsiny, manaporitsaka ny elatra havia sy havanan'ny kianja. Ankoatra an'ireo voalaza rehetra ireo, raha voafehin'ny mpilalaontsika hatrany ny fanaovana "pressing" ny mpifanandrina aminy, miampy ny fifantohana hatramin'ny farany ny lalao, dia ho sarotra amin'ny Liona senegaley ny handraraka ny mpilalaontsika. Alefa Barea.

**Vaovao farany**

Naelin'ny tambajotrantserasera, omaly, fa nalain'ny Mouloudia Club d'Alger, hanatevin-daharana azy mandritra ny telo taona i Solomampionona Koloina Razafindranaivo "Rakoul". Toraka izany koa i Rojolalaina Andriamanjato "Rojo Be", izany hoe nalain'ny St Pulmoiles atsy amin'ny nosy La Réunion.

**aris rafaly**

Kitra - CHAN 2022

# Hisy "écran géant" eo Analakely

Hampiainana ny lalao manasa-dalana anio alina, hisy « ecran géant » apetraka eo amin'ny « Parvis » Analakely. Taorian'ny fangatahana nataon'ny mpankafy sy ny vahoaka Malagasy rehetra mihitsy, nanapa-kevitra ny hametraka ity « fun zone » ity ny teo anivon'ny fitantanana ny kaominina Antananarivo Renivohitra, izay namaly ny hetahetan'ny maro. Toy ny fahita any ivelany any, rehefa hiatrika dingana ambony ny ekipam-pireneny, dia hametraka itony « ecran géant » itony izy ireo, ka amin'ny toerana malalaka sy be olona no hanaovana azy. Ho antsika manokana, maro no naniry ny hanokafana ny kianja Barea etsy Mahamasina, hahafahan' ny vahoaka manaraka mivantana izany lalao manasadalana izany, saingy ity etsy amin'ny « parvis » Analakely ity aloha no nisy. Hafa ihany tokoa mantsy izany hoe miara-mijery baolina amin'ny toerana iray izany, izay sady misy ny ambiansy no mampahery ny ekipam-pirenena, izay mahatsiaro ho tsy miady irery amin'ny ady hatrehany. Marihana, sambany amin'ny tantaran'ny baolina kitra Malagasy no nandray anjara tamin'ity fifaninanana CHAN ity, izay efa miditra amin'ny andiany faha-7. Sambany koa isika no tafita amin'ny dingana manasa-dalana toy izao, ary tsy tongatonga hoazy izany fa tena fahaizana nasehon'ny mpilalao sy ny mpanazatra avokoa.

**Rabenaivo**

Kianja synthétique Rabemananjara

# Ho vita afaka 5 herinandro ny fanamboarana

*Efa manomboka ny "pose" ny orinasa RMH ary tsy ho ela dia ho vita raha tsara ny andro satria ilay andro ratsy no tena nampisy ny fahatarana.*

Raha tsy misy ny olana (andro ratsy), afaka 4 na 5 herinandro eo dia ho vita ny kianja synthétique Rabemananjara ao Mahajanga. Efa nesorina ilay « revêtement » taloha ary vita fitsirihana ny « plateforme », efa natao ihany koa ny fanamarinana ny « système d'évacuation » rehetra ary nisy ny nohatsaraina. Efa manomboka ny « pose » ny orinasa RMH ary tsy ho ela dia ho vita raha tsara ny andro satria ilay andro ratsy no tena nampisy ny fahatarana. Nohamafisin' i Marius Heritiana Ramananjatovo, mpitantana ity orinasa ity, fa hosoloina manontolo ny « revêtement » fa tsy ny ampahany fotsiny ihany. Afaka hakana « testeur » avy amin'ny fifa tsara ihany koa izany raha ilaina. Marihana, 15 no isan'ireo mpiasa manam-pahaizana manokana amin'ny fametrahana bozaka artifisialy toa izao nalefa niandraikitra ity asa ity. Tokony ho efa lasa lavitra ihany ny asa fa saingy nisy herinandro tsy niasa fa hoe hisy lalao natao tao amin'ny kianja, ka tamin'ny 26 desambra vao tena natomboka ny asa. Tamin'ny fiandohan'ity taona ity hatramin' izao, dia teo amin'ny roa herinandro teo ihany no afaka niasa, hoy hatrany i Hery, satria dia noho ny orambe nikija tany an-toerana dia tsy afaka niasa, fa dia manararaotra kely fotsiny isakin'ny mitsahatra kely ny orana. Tsiahivina, orinasa manana ny fahaiza-manao ny RMH amin'ny fametrahana bozaka artifisialy, saika izy ireo avokoa no nahazo ny fitokisan' ireo rehetra, nametraka ireny kianja ahitana bozaka artifisialy rehetra manerana ny Nosy, ary samy resy lahatra ny kalitao sy ny hatsaran' izany avokoa na ny Malagasy indrindra ireo vahiny, izay tonga manamarina ny mahaara-dalana ilay kianja.

**Rabenaivo**



**Efa mizotra tsara amin'ny tokony ho izy ny fametrahana ny bozaka artifisialy vaovao ao amin'ny stade Rabemananjara.**

Basket - FMBB

# Tsy atao ambanin-javatra ny fifaninanana iraisam-pirenena

Mbola nahazo fahatokisana 100 % tamin'ireo ligim-paritra 21, niatrika ny fivoriambe fanaony isan-taona, teny amin'ny CEMES Soanierana, ny federasionina mitantana ny basket-ball. Noho ny haratsian'ny làlana mankaty Antananarivo , dia ny ligin'i Sofia irery ihany no tsy tonga niatrika ny fivoriana tamin'ny sabotsy teo. Ankoatra ny fikarakarana fifaninanampirenena isan-karazany, izay tontosa ara-dalàna ny fanaovana azy hatramin'ny faran'ny taom-pilalaovana, dia anisan'ny zava-dehibe nodinihina ny fandraisan'ny ekipam-pirenentsika anjara amin'ny fifaninanana iraisampirenena, na eto an-toerana izany na mivoaka any ivelany. Eto an-toerana dia anisan'ny fandaharam-potoana tsy hanaovan'ny FMBB kinanga ny fandraisan'i Madagasikara ny Lalaon'ny Nosy 2023 amin'ny 23 aogositra 2023 ka hatramin'ny 03 septambra 2023. Araka izany dia hiatrika



**Ankoatra ny baolina kitra dia miroborobo fatratra ny basketball eto amintsika !**

fampivondronana ny ekipampirenena lahy sy vavy amin' ny volana jona 2023. Mialoha ny hampiantranoantsika ny lalaon'ny Nosy anefa, dia mbola hiatrika ny lalaon'ny firenena miteny sy mampiasa ny teny frantsay any Kinshasa (RD Congo) ny ekipampirenentsika vehivavy. Etsy andanin'izany dia hiatrika ny fampivondronana faharoa (08 – 23 aprily 2023) sy fahatelo (10 – 18 jona 2023) ny ekipam-pirenena zazalahy latsaky ny 19 taona, izay hiatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany any Debrece (Hongrie) amin'ny 24 jona 2023 ka hatramin'ny 02 jolay 2023. Hamaranana ny fandraisantsika anjara amin'ny fifaninanana iraisampirenena dia ny fiatrehana ny "FIBA 3x3 Africa Cup", tanterahina any Le Caïre (Egypte) amin'ny 11 ka hatramin'ny 19 novambra 2023, izay naha tompondaka ny Ankoay farany teo. Tiana ny mitondra fanamarihana fa amin'ny 07 ka hatramin'ny 15 febroary 2023, dia hisy ekipam-pirenena anankiray, avy atsy amin'ireo nosy rahavavy manodidina antsika, ho tonga eto Madagasikara, hanao lalao ara-pirahalahiana no sady fanomanantena sy fihantsiana amin'ny ekipampirenentsika.

**aris rafaly**